TOROLALANA
AFISY KAONTIM-PITANTANANA SY TETI-BOLA

Zava-misy ankapobeany :

- Andiany fahafolo amin'izao fotoana izao ny teti-bola ho an'ny daholobe tanterahan'ny fanjakana malagasy, izany hoe fahampolony izao no nanaovan'ny fanjakana ezaka hanatsotra, hampandray andraikitra, ary hampandray anjara ny olompirenena amin'ny dingana samihafa amin'ny famolavolana ny teti-bolam-panjakana (conference budgetaire).
- Tsy sakana ara-politika no olana mipetraka amin'ny fahafahan'ny olom-pirenena miditra ao anatin'ny tontolon'ny fitantanam-bola kaomininaly fa olana amin'ny tsy fahampian'ny fanatsorana sy fanaparitahana ny mombamomba izany teti-bola kaomininaly izany.
- Manao peta-drindrina ny teti-bola sy ny kaontim-pitantanana ny kaominina saingy tsy mahasarika ny olona ny mamaky azy, satria ny voambolana teknika sy amin'ny teny frantsay matetika no voambolana ampiasaina,
- Lasa filana sy laharam-pahamehana amin'izao fotoana ny fanamorana ny fahafahan'ny olom-pirenena eny anivon'ny kaominina mahazo vaovao sy mahafantatra ny raharaha sy fitantanam-bola kaomininaly.
- Noraisin'ny tetikasa SIMSI na Sehatra Ifampierana Mampahomby ny Sampandraharaha Ifotony izany filana izany, ka nitondrany tantsoroka eny amin'ireo kaominina iasany ny mahakasika ny fangaraharan'ny fitantanam-bola kaomininaly sy ny fanamorana ny fahazoana ny lazain'ny tetibola kaomininaly ary ny fahafahan'ny rehetra mahazo vaovao mikasika ny teti-bola kaomininaly.
- Ny tetikasa SIMSI dia tetikasa mikendry ny hampisy ny mangarahara, ny tamberinandraikitra ary ny fandraisan'anjaran'ny olompirenena dia nikaroka ny fomba ahafahana mampiditra ny olompirenena amin'ny raharaha kaomininaly amin'ny ankapobeany, sy amin'ny fitantanam-bola kaomininaly manokana.

Inona no voalazan'ny lalana mikasika ny tokony hanaovana tatitra ny teti-bola sy ny kaontim-pitantanana?

Ny lalana laharana faha 2014 – 020 mikasika ***ny loharanom-bolan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjarampahefana, ny fombafomba fifidianana, ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ny andraikitry ny rafitr'izy ireo*** dia milaza ao amin'ny :

And.158 – *Ny tetibola voafidy sy ireo fampiasana ny loharanom-bolan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana nandritra ny fotoana niasana dia tsy maintsy hampafantarina ny vahoaka amin'ny alalan'ny peta-drindrina na ny fomba hafa rehetra izay ataon'ny Lehiben'ny mpanatanteraka.*

And. 160 – *Ny olom-pirenena rehetra eo anivon'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia manan-jo hijery ny antsipirihan'ny tetibolan'ny vondrombahoaka voakasika.*

And. 173 – *Ny olom-pirenena rehetra ao amin'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia manana zo hangataka ny fampahafantarana ny kaontim-pitantanana ny vondrombahoaka voakasika.*

Noho izany, ity fitaovana enti-manao tatitra ny teti-bola sy ny kaontim-pitantanana ity dia natao hanampy ny kaominina amin'ny fampiharana ireo andinin-dalana voalaza eo ambony ireo.

Tanjona tiana ahatongavana :

- Fampahafantarana ny olompirenena amin'ny fomba tsotra ny nampiasana ny volany (kaontim-pitantanana)
- Fampahafantarana ny olompirenena amin'ny fomba tsotra ny teti-bola kaomininaly
- Fanaovana tatitra amin'ny fomba tsotra sy azon'ny daholobe jerena ny fidiram-bola sy fandaniam-bola tena nataon'ny kaominina tao anatin'ny taona iray.
- Fampahafantarana ny olom-pirenena ireo karazana fidiram-bola eo amin'ny kaominina sy ny karazana fandaniam-bola ataon'ny kaominina.
- Fisarihana ny olom-pirenena hiady hevitra sy hanolotra hevitra amin'ny fitantanana ny kaominina sy ny fampiasam-bolan'ny kaominina.

Antony nanaovana ny peta-drindrina :

Hatramin'izay dia manao peta-drindrindra ny teti-bola sy ny kaontim-pitantanana foana ny kaominina. Tsy zava-baovao akory noho izany ny fanaovana peta-drindrina ny kaontim-pitantanana sy ny teti-bola kaomininaly.

Mifangaro amin'ny peta-drindrina samihafa ny peta-drindrina mikasina ny teti-bola kaomininaly ka indraindray dia tsy hitan'ny olona akory.

Matetika dia sady lava no mampiasa voambolana teknika ary amin'ny teny frantsay aza matetika ny peta-drindrina entin'ny kaominina mampahafantatra ny teti-bola sy ny kaontim-pitantanana ka lasa sakana amin'ny fahazoan'ny olom-pirenena ny zavatra tiana hampitaina sy hampahafantarina.

Noho izany rehetra izany, nitondrana fanatsarana izany fomba fanaovana tatitra izany ka natao mahasarika ny olompirena ny peta-drindrina, natao tsotra sy mora vakiana ary mora azo izany peta-drindrina izany, mba ho azon'ny ankabeazan'ny olom-pirenena.

Afisy na peta-drindrina atao inona ?

Fitaovana natao :

- Hanehoana amin'ny fomba tsotra sy mora azon'ny olompirenena ny fitantanam-bola sy ny raharaham-bola kaomininaly, ary ahafahan'ny vahoaka mandray, mahazo ary mamantatra tsikelikely ny mahakasika ny Tetibola ;
- Hampahafantaran'ny mpitondra ny teti-bola kaomininaly sy hanaovany tatitra ny kaontim-pitantanana ;
- Hampahafantarana ny olompirenena ny raharahambola eo anivon'ny kaominina
- Hanabeazana ny olom-pirenena hanana toetsaina hanontany ny nampiasana ny vola teo anivon'ny kaominina
- Ahafahan'ny olompirenena mahazo vaovao mikasika ny fitantanana ny kaominina

- Hisarihana ny olompirenena miady hevitra sy manolotra soson-kevitra mikasika ny raharaham-bola kaomininaly
- Hampisy ny fifampitokisan'ny vahoaka sy ny mpitondra
- Hahafantaran'ny olompirenena raha voavaly ao anaty teti-bola kaomininaly ny hetahetany sy ny filany na tsia
- Hampisy ny fifampitokisan'ny vahoaka sy ny mpitondra
- Hanamafisana ny fitondrana tsara tantana eny anivon'ny kaominina

Iza no mameno azy ?

Ny mpitambolan'ny kaominina no tomponandraikitra amin'ny famenoana ny fitaovana satria izy no miandraikitra ny fandrafetana ny kaontim-pitantanana ary mahafehy ihany koa ny tetibolam-pandaharanasa sy ny PCOP

Ny lehiben'ny Mpanatanteraka ihany koa dia afaka manome tantsoroka azy sy manjohy azy amin'ny famenoana ity fitaovana fanaovana tatitra ity.

Ahoana ny fomba famenoana azy ?

- Teti-bolam-pandaharanasa sy ny kaontim-pitantanana nahazo ny fankatoavan'ny Distrika no loharano sy ampiasaina entina mameno azy
- Mifanaraka ny filaharan'ny kaonty ao anaty PCOP sy ny teti-bolam-pandaharanasa ny filaharan'ireo karazana vola miditra sy ny karazana vola mivoaka ao anaty peta-drindrina.
- Ao aorinan'ny fivoahan'ny kaonti-pitantanana no fotoana tokony hamenoana azy sy hanaovana peta-dridrina azy, izany hoe any ho any amin'ny fiandohan'ny volana aprily ao anatin'ny taom-piasana iray.
- Feutre na Marker azo fafana no tsara hampiasaina hamenoana azy mba ahafahana mampiasa io fitaovana io indray amin'ny taona manaraka.

Inona no tombony ho azon'ny kaominina raha manao an'ireo izy?

- Mipetraka ny fifampitokisana eo amin'ny mpitondra sy ny olompirenena
- Mamporisika ny olompirenena hiady hevitra sy hanolotra soson-kevitra ny mpitondra.
- Mampiakatra ny tahan'ny fandoavan-ketra noho ny fisian'ny mangaraharaha sy tamberinandraikitra amin'ny nampiasana ny volam-bahoaka.
- Mihatsara ny naoty IGL noho ny fampiharana ny mangarahara sy ny tamberinandraikitra.
- Misarika mpiara-miombon'antoka satria dia hitan'ny vahiny sy ny mpiara-miombonantoka samihafa ny ezaka ataon'ny kaominina amin'ny fampiharana ny mangaraharaha sy ny tamberinandraikitra.
- Lasa fitaovana ahafahan'ny kaominina mahazo ny hevitry ny olom-pirenena ny fampiasana io fitaovana io.
- Fitaovana entina manabe ny olom-pirenena mikasika ny tetibola kaomininaly sy mampandray anjara azy ireo amin'ny adi-hevitra mialoha ny fanapahan-kevitra raisin'ny mpitondra sy tomponandraikitra eny anivon'ny kaominina.
- ???

Ahoana ny fiantraikany any amin’ny hetra?

- Manampy ny mpitondra amin’ny fanentanana sy ny famorian-ketra ny fahitan’ny olompirenana ny tatitra mikasika ny raharaham-bola sy ny fitantanam-bola kaomininaly.
- Mamporisika ny olona handoa hetra ny fahitan’ny olompirenena ny mangarahara sy ny tamberinandraikitra mikasika ny nampiasana ny volany.
- Miaina ny mangaharaha sy tamberinandraikitra ny olompirenena.

Fanamarihana :

Marihina fa ankoatra ity fitaovana ity dia tokony mikaroka hevitra hatrany ny kaominina amin’ny fomba sy fitaovana entiny manao tatitra mba tsy hisy vondron’olona na sokajin’olona mahatsiaro ho voailika ao anatin’izany fizaram-baovao sy tatitra ataon’ny mpitondra eny anivon’ny kaominina izany.

Azo atao noho izany ny mieritreritra ny fanaovana tatitra any amin’ny radio ho an’ireo olona tsy mahay mamaky teny. Azo atao ny manao tatitra amin’ny sms. Ny fanaovana ity peta-drindrina ity dia tsy manafoana ihany koa ny tatitra am-bava fanaon’ny Ben’ny tanana sy ny ekipany mandritra ny fivoriam-pokonolona isaky ny midina any ifotony any amin’ny Fokontany izy ireo.